# Ny tantaran'i Nicolas sy i Elena

Mpivady tamim-pahasambarana nandritra ny folo taona i Nicolas sy i Elena ary manan-janaka telo izy ireo. Samy maniry ny hiorenan'ny fianakaviany eo amin'ny fototr'i Jesoa Kristy sy ny filazantsarany izy roa, ary samy miezaka manatanteraka ny andraikitra nanendren' Andriamanitra azy ireo ao amin'ny fianakaviany izy ireo.

Tahaka ny mpivady rehetra dia misy tsy fitovian-kevitra i Nicolas sy i Elena. Matetika dia resaka vola no tsy mampitovy hevitra azy ireo. Miasa amin'ny fotoana feno any ivelany i Nicolas. Afaka mikarakara ireo zanany sy ny tranony amin'ny fotoana feno i Elena ankoatra ny fanaovana asa kely eny indraindray. Mino i Nicolas fa ny andraikiny amin'ny maha mpitarika azy ao an-tokantranony, sy ny maha mpampiditra vola betsaka kokoa azy, dia midika fa izy no tokony hanana teny farany amin'ny fomba tokony handaniana ny volan'izy ireo. Mahatsapa i Elena fa tokony hanana fahefana kokoa izy amin'ireo fanapahan-kevitra momba ireo zanany satria izy no miaraka amin'izy ireo kokoa noho i Nicolas. Tamin'ny fotoana iray tany amin'ny lasa, tsy niteny tamin'i Nicolas akory, dia nandany ny volan'izy ireo tamin'izay itiavany azy izy.

Vao tsy ela i Nicolas sy i Elena no nifanakalo hevitra ny amin'izay hatao amin'ny vola izay voangon'izy ireo. Te hampiasa izany hividianana fiara i Nicolas izay hanamora ny fandehanany miasa sy mba hivezivezen'ny fianakaviany. Tian'ny Elena hampiasaina hikarakarana ny zanak'izy ireo ilay vola mba hiala sasatra hamangy havana sy hiala voly miaraka mialoha ny hahalehibe ireo zanany.

Navesatra teo amin'i Nicolas sy i Elena ny tsy fitovian-kevitr'izy ireo saingy tsy maintsy manapa-kevitra.

- Inona no holazainao fa fanamby lehibe indrindra atrehan'i Nicolas sy i Elena amin'ny fanapahana hevitra momba izay hatao amin'ilay vola?
- Inona araka ny eritreritrao no ilain'izy ireo takarina kokoa momba ny fitoviana lenta sy ny fitarihana raha mikasika ny fandraisana fanapahan-kevitra ho an'ny fianakaviany? (Jereo ny fizarana 3 ao amin'ny tahirin-kevitra hoenti-manomana ny fotoam-pianarana.)
- Raha ianao no Nicolas na Elena, ahoana no hiresahanao ny vadinao mba hiarahana midinika momba io fanapahan-kevitra io amin'ny fomban'i Kristy?

NY FIANGONAN' I
JESOA KRISTY
HO AN' NY OLOMASIN' NY
ANDRO FARANY

© 2022 an'ny Intellectual Reserve, Inc. All rights reserved.